Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Mai 2013

I. Teny mahavelona

Ny maha- Renin'Andriamanitra an'i Maria ao amin'i Md Lioka

Evanjelin'i Md Lioka 1, 26- 40

Ary rahefa nandray enina izy, dia nirahin'Andriamanitra ny anjely Gabriely ho any amin'ny tanàna anankiray any Galilea atao hoe Nazareta, ho any amin'ny Virjiny anankiray fofom-badin'ilay lehilahy atao hoe Josefa, taranak'i Davida, ary ny anaran'ilay Virjiny dia Maria. Ary nony niditra tao aminy ilay anjely dia nanao hoe: Arahaba, ry ilay feno hasoavana, ny Tompo ao aminao; nosoavina noho ny vehivavy ianao. Taitra izy nahare izany, ka nieritreritra izay tokony ho hevitr'izany fiarahabana izany. Fa hoy ny anjely taminy: Aza matahotra, ry Maria, fa sitrak'Andriamanitra ianao. Ary indro, hitoe-jaza ianao, ka hiteraka zazalahy, ary Jeso no hataonao anarany. Ho lehibe izy ka hatao hoe Zanaky ny Avo indrindra; dia homen'Andriamanitra ny fiketrahan'i Davida rainy izy, ka hanjaka mandrakizay amin'ny taranak'i Jakoba, ary tsy hanam-pahataperana ny fanjakany.

Fa hoy Maria tamin'ilay anjely: Ahoana no hahatongavan'izany, fa tsy mahalala lahy aho? Ny Fanahy Masina, hoy ny anjely namaly azy, no ho tonga ao aminao, ary ny herin'ny Avo indrindra hanaloka anao; noho izany dia hatao hoe Zanak'Andriamanitra ny Masina haterakao. Ary indro, Elizabeta rahavavinao dia efa mitoe-jaza koa na dia efa antitra aza, ary efa mandray enina izy izao ilay natao hoe momba, fa tsy hisy tsy ho hain'Andriamanitra atao. Dia hoy Maria: Inty aho ankizivavin'ny Tompo, aoka anie ho tanteraka amiko araka ny teninao. Dia niala teo aminy ny anjely.

Niainga Maria tamin'izany andro izany, ka nandeha haingana ho any amin'ny tany be tendrombohitra, ho any an-tanàna anankiray any Jodà, ary niditra tao an-tranon'i Zakaria ka niarahaba an'i Elizabeta.

✫ Ao amin'ny Evanjelin'i Md Lioka : Tamin'ny filazana nataony ny anjely no nampahafantatra ny maha-masina ny zaza araka ny fomba sy fiteny jody. Hoy izy hoe i Maria no toy ilay tranolaim-pihaonana na tranolain'ny fanekem-pihavanana. Hoy izy hoe I Maria, toeran'ilay masina. Noho izany , mino isika fa ny teny hoe: "**Zanaky ny Avo indrindra** (Lk 1, 32) sy ny hoe "**Zanak'Andriamanitra** " (Lk 1,35) dia manana ny dikany lehibe.

✫ Ity tranga ity dia niseho taorian'ny filazana ny fahaterahana tsy nantenaina an'ilay Joany Baptista vaovao. Ary ity fahaterahana ity moa dia mampahatsiahy ny tsy hoe hahatanteraka mihitsy ny fahaterahana ao amin'ny Testamenta Taloha. Dia ilay fahaterahana midika hoe « ny fanekem-pihavanana eo amin'Andriamanitra sy ny vahoaka » Matoky amin'ny fanekeny Andriamanitra, afaka

mitantana Izy. Fa ny fanantenan'ny zanak'olombelona kosa very. Ka i **Maria no toy ilay tranolay vaovao-pihaonana**; hita taratra tao amin'ny fomba kristianina.

✫ **Ny Fanahy Masina** (izay ny herin'ny avo indrindra) no nidina nanaloka azy (Maria). Tao an-kibony no nanomezana aina ilay hantsoina hoe « Zanak'Andriamanitra » Ho an'ny Jody dia fahatsiarovana ny fotoanan'ny eksaody izany. Ilay andry rahona dia midika ny fisian'Andriamanitra sy manaloka ilay tranolaim-pihaonana ka mameno ny voninahitr'Andriamanitra. Eks 16, 10 :19,9 ; Fan 9,15-22 ; 10,36 ; I Mp 8,10-12.

✫ Maria ihany koa dia **tranolain'ny fanekem-pihavanana** Lk1, 39-44.56; II Sam 6, 2-16. Ny dia nataon'ny tranolay sy ny dia nataon'I Maria dia samy nandalo tamin'ny firenena jody. Samy nahitana hafaliana ireo tranga roa ireo.

✫ Davida, ny vahoaka ary Elizabeta etsy an-daniny dia **nihikam-pifaliana**. Feno ny Fanahy Masina I Elisabeta ka "nanandra-peo". Ny teny (matoanteny) hoe "anaphoeo" ampiasaina ao amin'ny (Lk 1,42) dia nampiasaina indray mandeha tamin'ny LXX (septanta) ho fankalazana ny litorjia; indrindra indrindra ho fitondrana ny tranolain'ny fanekem-pihavanana. Akehitriny ilay hika na fihobiana masina fanaon'ny vahoaka teo anatrehan'ny tranolay dia tonga hikam-pifalian'i Elizabeta. Nazavain'ny Fanahy Masina, ka fantany fa eo anatrehany ankehitriny Ilay tranolain'ny fanekem-pihavanana vaovao dia I Maria izay mitondra ao an-kibony Ilay Andriamanitra tonga nofo.

✫ Nijanona nandritry ny **telo volana** tao an-tranon'I Obed Edom ny tranolay (II Sam 6,11) I Maria koa dia nijanona tany amin'ny rahavaviny Elizabeta teo ho eo amin'ny telo volana teo (Lk1,56). Koa I Maria ary no toy ilay tranolaim-pihavanana na ilay fitoeran'ny Masina.

✫ I Maria dia nandray, nandinika, nihoatra ireo fahasarotana ary nandray ny filazan'ny Anjely ka vonona hanatanteraka ny sitra-pon'Andriamanitra…

Fotoana fandinihanao mangina...

✫ Inona no fanasana ataon'I Maria aminao mba ho toeram-pihaonana miaraka amin'ny Tompo koa ianao?

✫ Ahoana no fomba hahafahanao mitondra ny Vaovao Mahafaly amin'ny hafa?

II. Vatsy

Fijoroana ho vavolombelona amin'ny maha- misionera

Nelly MILLEMBA no anarako , ao anatin'ny fikambanana VIDES Congo, nanomboka ny taona 2008 no niditra ho mpikambana tato, tena sambatra aho ao anatin'izany , mampahendry ahy ny ao, mampisokatra ahy amin'ny hafa, manokana ny fotoanako ho an'ny hafa. Talohan'ny nidirako tato amin'ity fikambanana ity dia nahatsiaro hoe nikombona, tsy nahay loatra niresaka tamin'ny olona , amin'izao mahay mizara, manampy….

Miaraka amin'ny VIDES Congo, manao ny asa iraka (apostolat) eny amin'ny tanana kely manodidina izahay, manao fanangonam-bola mba hikarakarana ny fetin'i Don Bosco miaraka amin'ireo ankizy tena sahirana , tena nahafinaritra sy nilamina araka ny tokony ho izy izany, nampisakafo azy ireo, nanome zava-pisotro,nanome fanomezana kely…manampy ny saram-pianaran'ireo ankizy any Mokambo.

Tamin'ny taona 2002, rehefa nanao asa iraka tany Mokambo , 200 km an'i Lumbumbashi , tamin'izaho mbola misionera dia mitovy ny zavatra atao, indray alahady, nanao asa iraka (apostolat) tany Murumdu, tanàna kely any Zambie, teny an-dalana dia nahita raim-pianakaviana iray nitondra kitay mavesatra be tamin'ny bisikileta, nanampy azy izahay mandrapahatonga tany an-tranony, rehefa tonga tany dia nahita ny vadin'ity rangahy teo ampandriana. Efa an-taonany maro izy no tsy niarina fa nijanona teo foana.

Rehefa tonga tamin'ity trano ity izahay dia nanova ny endrika tao anatiny, nesorinay daholo izay rehetra ratsy , namafa, nanadio ny vilia izay tsy nisasa mihitsy, nanasa ny akanjon'izy ireo, eny nikarakara ihany koa ny sakafon'izy ireo . Ity andram-piainana ity nanaitra ahy fatratra, raha olon-kafa dia tsy ho nanao izany fa hoe amin'ny maha misionera dia manao izay.Natao tsy itadiavana fahafaham-po manokana.

Tany Mokambo koa dia namangy raim-pianakaviana iray marary izay tsy miarina eo am-pandriana mihitsy , miara-mivavaka aminy izahay .

Tamin'ny taona 2009, mandeha midina any Mokambo foana izahay miaraka amin'ireo mpikambana tsara sitrapo (volontariat), amin'izao any natao ho fandefasana ny ankizy manao vakansy; miaraka amin'ireo ankizy any an-toerana nandrindra ny " colonie de vacances" ary ny ankizy tonga daholo nandray anjara tamin'ny hetsika isan-karazany.

Intelo isan-kerinandro , nanome azy ireo sakafo misy ronono, ny biscuits araka ny fandaminana , eny fa na ireo tanora ao anatin'ny fikambanana aza dia manao tsipaipaika

mba hividianana ireo sakafo ireo .Misy koa ny fampianarana mamaky teny sy manoratra, ny kilalao eny ankianja, fitsangatsanganana, ary farany manome fanomezana kely ho azy ireo

Amin'ireto asa rehetra ireto dia tsy misy olona miandry valiny fa dia asa maimaim-poana daholo, amin'ny maha tanora tsara sitrapo ao amin'ny fikambanana VIDES.

Nelly, Vides Congo

Fandinihana

1. Inona ny toetra ananan'ny Volontaire misinera araka ny fihevitr'i Nelly ?
2. Arakan ny hievitrao, inona ny maha misionera ny misionera ?

III. *Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco*

Hitantsika tamin'ny farany ny fomba nataon'i don Bosco rehefa manantona ny tanora izy (style d'approche) dia ny :

Fanantonana azy ireo tsirairay (approche personnelle) sy fanentanana ny rehetra amin'ny ankapobeny (Approche globale).

Amin'ity "formation" ity indray dia haseho amintsika ireo toetra tokony ho fantatra sy iainana rehefa manabe.

Tsy hiverenana intsony ny andry telo ny Système preventif dia ny Saina , Fivavahana ary ny Fitiavana isika. Ny hazavaina amin'izao dia ny ao anatin'ireo andry telo ireo:

1-Ny "Affection" (=fifankazoana am-po) . Fifampiresahana-fifankafantarana maharitra amin'ny beazina -liana amin'ny zava-misy momba azy no hahazoana tsikelikely io toetra voalaza eo ambony io. Tanteraka io rehefa manjaka ny fifankahafantarana sy fifampitokisana.

2-Ny « Confiance » (fitokisana) Rehefa mifankahazo am-po dia miteraka fitokisana « ***Sans affection, pas de confiance; sans confiance, pas d'éducation***". Rehefa itokisan'ny tanora ny mpanabe iray dia azo atao hoe mpanabe lafatra. Rehefa ny tanora no mahatoky antsika dia efa tonga amin'ny an-tsasa-dalan'ny fanabeazana isika.

3-Ny « Dialogue = raisoan » (fifampiresahana) : Ho an'ny don Bosco ny fifampiresahana dia ao anatin'ny fisainana . Ny fahaizana miresaka na mandresy lahatra ny tanora no toetra tokony hananan'ny mpanabe fa tsy ny manao didijadona. Ny didy jadona dia mitarika fandresen'ny mpanabe manoloana ny beazina. Tokony ho hain'ny mpanabe ny mandresy lahatra ny beazina amin'ny alalan'ny fifampiresahana . Io fifampiresahana io no miteraka affection ary ny affection no miteraka confiance. Izay mahay mandresy lahatra dia mahasiraka. Ka eto dia sarihina ho tia an'i Jesoa ny beazina.

4-La "joie"(= hafaliana) Ny olona falifaly dia manana an'Andriamanitra ao anatiny. Ny hafaliana marina dia mifandray amin'ny fahamasinana . Ny fahamasinana dia ny fiainana falifaly lalandava. Ny olona faly dia masina. Tsara ny manamarika fa tsy afaliana mandalo ity fa ny hafaliana maharitra izay vokatry ny hazo fijaliana izay iainana isan'andro. Ary ny mpanabe faly dia mora maharesy lahatra ny beazina satria manana an'i Kristy ho tokiny. Io hafalianaio dia miseho amin'ny endrika ivelany. Ary ny mpanabe faly dia be mpanantona

5-Ny" charité" (= hatsaram-panahy) Ny charité sy ny affection dia mifampiankina . Matoa ny mpanabe manampy ny hafa dia satria tiany ny hafa. Ny fitaratra amin'ny hatsaram-panahy dia tsy iza fa Andriamanitra. Koa ny mpanabe izany dia mampita izany fitiavan'Andriamanitra izay amin'ny beazina . ..." L'éducateur selon Don Bosco est vraiment le relais, le témoin de l'amour de Dieu envers les petits

6-Ny « familiarite »(= toetsaim-pianakaviana)

Ny toetsaim-pianakaviana iainana ao amin'ny teoram-panabeazana no miteraka ny fifankazoana ampo. « La familiarité produit l'affection, et c'est l'affection qui engendre la confiance ».

Famintinana :



Fanontaniana:
1. Inona no tsapanao fa sarotra tanterahana amin'ireo dingana 6 voalaza eo ambony ireo?
2. Sokajio tsara ireo dingana 6 ireo dia ampidiro ao amin'ny andry 3 'ny Système !